# Ilay Voa Tsara Nafafy 31 Jolay 2018

**31** **Talata**
jolay

**Fa Ianao, Jehovah ô, mahalala ahy; mahita ahy Ianao sady mizaha toetra ny foko ny aminao.**
Jeremia 12. 3

**Ianao dia Ianao irery ihany no mahalala ny fon'ny zanak'olombelona rehetra.** 1 Mpanjaka 8. 39

**Ny mason'Andriamanitra**

Eo am-pamiliana fiara ianao, tara tsy mahatratra ny fotoana efa voalahatra, ary miresaka dia miresaka amin'ny finday. Tamin'io fotoana io indrindra no tazanao ao amin'ny fitaratra fijerena ny ao aoriana, fiara-na mpitandro filaminana manaraka anao. Avy hatrany dia ahenanao ny hafainganam-pandeha, afeninao ny finday, apetrakao ny fehikibo aroloza... sao sakanana mpitandro filaminana ianao.

Mba hevero àry izao, hoe manery anao akaiky Andriamanitra, mahafantatra ny ataonao rehetra sy ny antony anaovanao izany, ary na ny eritreritrao miafina indrindra aza. Ahoana no ho fihetsikao ? Hiezaka hanadino ny zavadrehetra ve, sa handositra ao anatina zavatra iray mampiankin-doha, na hampangina ny fieritreretanao amina fanaovan-javatra tsy mamela fotoana hieritreretana intsony ? Tsia ! Ny mifanohitra amin'izany no ataovy : ekeo am-panetrentena fa tokony hihavana amin'Andriamanitra ianao. Tsy Ilay Andriamanitra manameloka anao no ho hitanao, fa Ilay „Andriamanitra mamindra fo", „be famindrampo", Izay nanomana ny zava-drehetra mba hamotsorany ny helokao, nefa mbola Andriamanitra marina hatrany koa.

Tena eo akaikinao mihitsy Andriamanitra. Na tsy afaka mahita Azy aza ianao, diniho ny tenanao, ary lazao aminy izay rehetra manavesatra anao, maneritery anao, mahamenatra anao, izay rehetra fahotana eo anatrehany. Dia hamela ny helokao Izy, noho ny amin'i Jesosy Kristy Zanany, ary hanome anao aina vaovao, mbola tsy fantatrao tany aloha. Tsy hatahotra ny mason'Andriamanitra intsony ianao, fa hiaina sambatra eo ambany mason'Ilay Ray, ary eo amin'ny fanatrehany.